

26 may 2010.
13 Sivan 5770.

Ahoana no hahafantarana fa mitarika antsika Andriamanitra.

« *Ho amin'ny lalàna sy ny teni-vavolombelona ihany! Raha tsy miteny araka izany teny izany izy, Dia olona izay tsy hiposahan'ny fahazavan'ny maraina.* » (Isaia 8:20)

Notsongaina tamin'ny famelabelarana maraina tany Copenague, Danemark tamin'ny 21 jolay 1886 mitondra ny lohateny hoe " Diniho ny soratra masina "

Mety tafara-dalana tahaka izay nitranga tamiko tamin'ny olona milaza azy fa masina sy tanteraka angamba ianareo.Saingy misy hery miasa mangina ratsy io foto-pinoana io. Mampiseho fampiasan-tsaina mahagaga izy mba hampisehoany fa ampianarina sy tarihin'ny Tompo izy . Ka noho izany, ahoana no ahafahanao manamarina raha nitarika azy marina ny Tompo? Iray ihany no fomba ahafantarana azy: « *Ho amin'ny lalàna sy ny tenivavolombelona ihany! Raha tsy miteny araka izany teny izany izy, Dia olona izay tsy hiposahan'ny fahazavan'ny maraina.* » (Isaia 8:20)

Raha mandranitra fankahalàna ao ampòn'ny olona ny fanononana ny Tompo dia Jehovah lehibe dia hita fa tsy manana fifandraisana amin'Andriamanitra ilay olona. Misy olona milaza fa manana finoana lehibe an'i Jesosy ka tsy misy na inona na inona azontsika atao fa Kristy no hanatanteraka ho antsika. Saingy rehefa hatsangany ny maty dia ny asantsika no hamaritra na ho amin'ny fiainana mandrakizay izany na ho amin'ny fanamelohana. Amin'izany fomba izany dia hafangarony tanteraka ny fahamarinana sy ny fahadisoan-kevitra hatramin'ny tsy hahafantarana intsony ny fahamarinana ka raha asaina mipetraka izy ireo hamakafaka antsipiriany ny Soratra Masina miaraka amin'ny olona iray mba habitàna izay voalazan'ny Tompo; dia tsy nahita aho na iray aza tsy nilàna ny hikorohana ao amin'ny Soratra Masina satria ny Tompo dia nilaza taminy izay tokony hataony.

Kanefa isika dia tokony hahafantatra ny dikan'ny hoe fahotàna: fandikàna ny lalàna izany. Io ihany no famaritana hany omen'ny Soratra Masina.Noho izany dia hita-tsika ireo izay milaza azy fa tarihin'Andriamanitra kanefa mihataka Aminy sy amin'ny lalàny ary tsy mandinika ny Teniny. Saingy hitarika ny vahoakany ny Tompo satria nilaza Izy fa hanaraka azy ny ondriny raha mahare ny feony izy ka tsy hanaraka olon-kafa. Mila mahafantatra lalina ny Teny Voasoratra isika noho izany. Tsy mila mamakafaka isika hoe manana ny marina ve ny hafa satria ho hita mazava amin'ny toetra amam-panahiny izany.

Hanao fahagagàna Satana-Miteny amin'ny alalan'ny Soratra Masina Andriamanitra, ary ho henontsika matetika ny feony kanefa nampitandrina antsika Kristy an'ireo izay milaza hoe "Eto i Kristy na atsy Izy". Noho izany ahoana no hahafantaran-tsika fa tsy manana ny fahamarinana izy ireo raha tsy hampitahaina amin'ny Soratra Masina ny zavatra tsirairay? Mampitandrina antsika Kristy mba tsy ho variana isika satria hisy mpaminany sandoka amin'ny Anarany maro ho tonga eo amintsika hilaza fa ry zareo no kristy. Ankehitriny raha heverinao fa tsy dia misy lanjany aminao ny mahatakatra izay lazain' ny Soratra masina ho anao manokana dia ho voafitak'ireny foto-pinoana ireny ianao. Nilaza Kristy fa amin'ilay andro filazana ny didim-pitsaràna dia ho marobe ny hiteny Aminy hoe « **Tompoko, Tompoko, tsy efa naminany tamin'ny anaranao va izahay ? ary tsy efa namoaka demonia* tamin'ny anaranao va izahay? Ary tsy efa nanao asa lehibe maro tamin'ny anaranao va izahay ?** » Ary dia hambarako aminy marimarina hoe: « **Tsy mba fantatro akory ianareo hatrizay hatrizay; mialà amiko, ianareo mpanao meloka** » (Matio 7:22,23)

Ho avy ny fotoana izay hanehoan'i Satana fahagagàna eo imason-tsika ka hilazany fa izy no Kristy koa raha tsy miorim-paka tsara amin'ny fahamarinan'Andriamanitra ianao dia ho voakipaka amin'ny fitoeranao. Ny fitadiavana ny fahamarinana tahaka ny harem-be vava no hany fiarovana ho anao. Aoka hanao fitrandrahana ny fahamarinana toy ny fanaonao raha hikaroka harena ao anaty tany ianao; ary hasehoy ny Tenin'Andriamanitra dia ny Baiboly izany eo anatrehan'ny Ray any an-danitra ka milazà hoe: "Hazavao aho, ampianaro ny fahamarinana aho." Rehefa miditra ao ampòn'ny Fanahy Masina ka mampiraikitra ny fahamarinana ao antsaina dia aza avela handalo moramora fotsiny izany. Ilainao ny hanafika fanandramana sy hanadihady toy izany mba hahamafy orina ny lafiny tsirairay. Zava-dehibe indrindra koa ny hanohizanao ny fianarana mitohy ny tenin'Andriamanitra. Tokony ho fenoinao ny Tenin'Andriamanitra ny sainao satria mety hitokana sy hipetraka any amin'ny toerana izay tsy hanananao tombotsoa hivory miaraka amin'ireo zanak'Andriamanitra hafa ianao . Noho izany raha hitangorona eo aminao ny mpanohitra dia ilainao ny hanao fampitahana ny zava-drehetra amin'ny Teny voasoratra.

Ellen G. White La foi qui œuvre Chapitre 7 p 23-24.

